


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

"Miteny" ny Ra

Ny ran'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, dia manadio ahy mandrakariva amin'ny ota rehetra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Misy famatsiana sarobidy iray hafa nataon’ny ran’i Jesosy ho antsika, izay tsy fantatry ny Kristiana maro. Hoy ny Hebreo 12:22, 24:

> "Fa [tena mpino rehetra] hianareo kosa efa mby eo an-tendrombohitra Ziona,... ary amin’ny ra famafazana, izay miteny tsara lavitra noho ny an’i Abela"

Tao amin'ny Tendrombohitra Zionan’ny lanitra, ny ran'i Jesosy dia nafafy ho antsika tao amin'ny Masina Indrindra teo anatrehan'Andriamanitra. Niditra tao amin’io toerana io ho mpialoha làlana antsika i Kristy, rehefa nahazo ny fanavotana antsika mandrakizay tamin’ny alàlan’ny sorona Nataony, ary namafy ny porofon’izany fanavotana izany teo anatrehan’Andriamanitra Ray Tsitoha Izy.

Tokony hahatsikaritra fifanoherana lehibe isika eto. Teo am-piandohan’ny tantara, dia namono an’i Abela rahalahiny i Kaina, lahimatoan’i Adama sy Eva. Niezaka nandà ny andraikitra i Kaina avy eo, saingy nanohitra azy ny Tompo ka nanao hoe: “Tsy misy azo afenina ny helokao.” “Fa ny ran’ny rahalahinao izay nalatsakao tambonin’ny tany dia mitaraina Amiko” hamaly faty. (jereo ny Genesisy 4:1–15). Mifanohitra amin’izany kosa, ny ran’i Jesosy nafafy tany an-danitra dia tsy nitaraina noho ny famaliana faty fa ny famindram-po. Ny ra dia fitalahoana tsy tapaka eo anatrehan'Andriamanitra mba Hamindrany fo.

Rehefa nijoro ho vavolombelona manokana ny amin’ny herin’ny ran’i Jesosy isika, dia tsy mila mamerina ireo teny ireo isaky ny minitra vitsy, satria ny ran’i Jesosy dia miteny mandrakariva ho antsika eo anatrehan’Andriamanitra. Isaky ny misy fahoriana, na fakam-panahy, na tahotra, na fanahiana isika, dia tokony hampahatsiahy ny tenantsika, fa ny Ran’i Jesosy no miteny eo anatrehan’Andriamanitra ho ahy amin’izao fotoana izao indrindra.

Misaotra Anao, Jehovah ô, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa ny Rany dia fitenenana famindram-po eo anatrehan’Andriamanitra ho ahy amin’izao fotoana izao. Ny ran’i Jesosy Kristy, Zanak’Andriamanitra, dia manadio ahy

© 2008 - Dries Du Plessis

mandrakariva amin’ny ota rehetra , amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-027-MLG

Nohavaozina farany: 01 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

